

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003-030

**Complétant les dispositions de l'article 2 de l'Ordonnance n° 62-117
du 1^{er} octobre 1962 relative au régime des cultes**

EXPOSE DES MOTIFS

Conformément au Statut Général des Militaires, au Code de Justice du Service National et au Décret portant règlement de discipline générale dans les Forces Armées, le sacrifice suprême peut être exigé de chaque militaire dans l'accomplissement de sa mission.

En outre, de par leur spécificité, les conditions de formation et d'emploi des militaires peuvent engendrer des situations, telles que le service des cultes qui leur sont dispensés leur est indispensable comme élément capital de soutien moral et spirituel dans la vie quotidienne et professionnelle du soldat. L'expérience montre également que l'administration des sacrements religieux au sein des Forces Armées ne peut être réalisée que par un service des aumôniers militaires oeuvrant à temps plein.

Or, la situation actuelle de la législation malagasy en la matière, héritée du système français ne permet pas convenablement le libre exercice d'une telle pratique.

Seulement, est-il besoin de rappeler que leur législateur a admis une inflexion aux deux grands principes que sont le principe de la laïcité de l'Etat et celui de la séparation des Eglises et de l'Etat. L'article 2 de la Loi du 9 décembre 1905 relative au second principe ne stipule -t-il en effet que :

« La République ne reconnaît, ne finance, ni ne subventionne aucun culte. En conséquence, (...) seront supprimées des budgets de l'Etat, des départements et des communes, toutes dépenses relatives à l'exercice du culte. Pourront toutefois être inscrites aux dits budgets, les dépenses relatives à des services d'aumônerie (...). ».

Ce qui leur a permis de faire supporter les charges relatives à l'exercice du culte dans les armées par le budget de l'Etat à travers le Ministère de la Défense.

Une observation générale de ce qui se fait partout dans le monde nous permet de conclure d'ailleurs que cette pratique est utilisée par la majorité des

Etats à l'égard de leurs armées.

C'est la raison pour laquelle la décision de compléter les dispositions de l'article 2 de l'Ordonnance n° 62-117 du 1^{er} octobre 1962 a été prise, afin de permettre d'une part, une mise à jour de la législation malagasy et d'autre part, une réforme de l'aumônerie militaire dans ce sens.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 030

**Complétant les dispositions de l'article 2 de l'Ordonnance n° 62-117
du 1^{er} octobre 1962 relative au régime des cultes**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 09 octobre 2003 et du 06 juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

Article premier . - L'article 2 de l'Ordonnance n° 62-117 du 1^{er} octobre 1962 relative au régime des cultes est complété et rédigé ainsi qu'il suit :

« **Article 2** - L'Etat ne finance, ni ne subventionne aucun culte; en conséquence, aucune dépense relative à l'exercice des cultes ne peut être inscrite aux budgets de l'Etat, des provinces ou des communes.

Toutefois, les charges se rapportant aux services des aumôneries militaires peuvent être inscrites dans les dits budgets ».

Article 2 . - Toutes dispositions antérieures contraires à celles de la présente Loi sont et demeurent abrogées.

Antananarivo, le 06 juillet 2004

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE p.i

LE PRESIDENT DU SENAT

LECHAT RAMAMPY MARIE Zénaïde

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA- 2003 - 030

Mameno ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha 62-117 tamin'ny 1 oktobra 1962 mikasika ny fitsipika mifehy ny fanompoam-pivavahana

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araky ny Sata ankapobeny mifehy ny Miaramila, ny Fehezan-dalànan'ny Fitsarana momba ny Fanompoam-Pirenena ary ny Didim-panjakana mitondra ny fitsipi-pifehezana ankapobeny ao amin'ny Foloalindahy, ny sorona fara-tampony indrindra dia azo angatahina amin'ny miaramila tsirairay avy eo ampanatanterahana ny iraka ampanaovina azy.

Ankoatra izany, ny maha hafakely ny fiofanana sy ny fampiasana ireo miaramila ireo no ahafahana milaza fa ny fanompoam-pivavahana izay omena azy dia fanohanana ara-moraly sy ara-panahy mafonja amin'ny fiainana andavanandro sy arak'asan'ny miaramila. Ny zava-misy no mampiseho fa ny fitantanana fanompoam-pivavahana eo anivon'ny Foloalindahy dia tsy ho tanteraka mihitsy raha tsy avy amin'ny alalan'ny sampan-draharahan'ny fitaizam-panahy ara-miaramila izay miasa feno.

Ny fipetraky ny Lalàna malagasy ankehitriny izay mikasika an'io nefá , izay nolovaina tamin'ny Frantsy dia tsy ahafahana manao araka ny tokony ho izy ny fanaovana fanompoam-pivavahana mirindra sy malalaka.

Ilaina ve ny mampahatsiahy fa ny mpanao Lalàna ihany no nanaiky ny hisian'ny fanalefahana amin' ireo foto-kevitra roa lehibe, dia ny foto-kevitra maha-laika ny Fanjakana ary ny fanasarohana ny Fiagonana sy ny Fanjakana. Ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna tamin'ny 9 desambra 1905 mikasika ilay foto-kevitra faharoa dia milaza fa :

"Ny Repoblika dia tsy mahalala, tsy manarama ary tsy manome fanampiana fanompoam-pivavahana. Ka noho izany (...) dia foanana ao amin' ny tetibolam-panjakana, tetibolan'ny departementa ary ny an'ny kaominina ireo fandaniam-bola rehetra mikasika ny fanompoam-pivavahana. Mety kosa nefá ny manoratra ao amin'ireo tetibola ireo ny fandaniam-bola momba ny sampana fitaizam-panahy (...)".

Izay no nahafahan'izy ireo nampantsoroka ny vesatra mikasika ny fanompoam-pivavahana eo anivon'ny Foloalindahiny amin'ny tetibolam-panjakana amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fiarovana.

Ny fandinihina ny zava-misy fanao eran-tany no ahafahana milaza fa io no fomba amam-panao ampiharin'ny ankamaroan'ny Firenena amin'ny fitaizam-panahin'ny Foloalindahiny.

Izany no antony nandraisana ny fanapahana ny hamenoana ny fepetran'ny andininy faha-2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha - 62-117 tamin'ny 1° oktobra 1962 mba ahafahana, amin'ny lafiny iray, mampifanaraka amin'ny vanin'andro ny Lalàna malagasy, ary amin'ny lafiny hafa ny fanavaozana ny fitaizam-panahy ara-miaramila.

Izany sy izany ny antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA- 2003 - 030

**Mameno ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-2 ao amin'ny
Hitsivolona laharana faha- 62-117 tamin'ny 1 oktobra 1962
mikasika ny fitsipika mifehy ny fanompoam-pivavahana**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 09 oktobra 2003 izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany - Nofenoina ary narafitra ho toy izao manaraka izao ny andininy faha-2 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha 62-117 tamin'ny 1 oktobra 1962 mikasika ny fitsipika mifehy ny fanompoam-pivavahana :

" Andininy 2 (vaovao) - Ny Fanjakana dia tsy manarama na manome fanampiana fanompoam-pivavahana na iray aza ; noho izany dia tsy misy fandaniam-bola mikasika fanaovana fanompoam-pivavahana azo soratana ao amin'ny tetibolam-panjakana, ao amin'ny tetibolan'ny faritany na ny an' ny kaominina.

Na izany aza anefa, ny loloha mifandraika amin'ny fisahanana ny asa fitaizam-panahin'ny Foloalindahy dia azo soratana ao amin'ireo tetibola ireo."

Andininy faha.-2 - Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' izay voalazan' ity Lalàna ity.

Antananarivo, faha 09 oktobra 2003

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, p.i

NY SEKRETERA,

RAKOTOARIVELO Mamy

